

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fianakaviana Tsara Indrindra eto amin'izao Tontolo Izao

Amim-pitiavana, ny Raiko dia efa nanendry ahy mialoha mba hatsangana ho zanany lahy na vavy.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Indraindray dia misy olana amin'ny ray aman-dreny eto an-tany izay tsy voavaha mihitsy. Saingy, ry namana, tsy maninona na tsy misy olona naniry anao aza, na tsy nisy tia anao, na tsy nifanambady ny ray aman-dreninao. Rehefa manatona an’Andriamanitra amin’ny alalan’i Jesosy Kristy ianao, dia lasa anisan’ny fianakaviana tsara indrindra maneran-tany, ary tsy manan-janaka hoe kilasy faharoa Andriamanitra.

Ny fianakavian'Andriamanitra no fianakaviana tsara indrindra. Tsy misy fianakaviana mitovy amin'izany. Averina indray, na dia tsy nikarakara anao aza ny fianakavianao, angamba nolavin’ny rainao ianao — na tsy nanana fotoana ho anao mihitsy ny reninao, na tsy naneho fitiavana anao mihitsy ny vadinao — Andriamanitra maniry anao. Ekena ianao. Ianao no tanjon'ny Fiahiany manokana sy ny Fitiavany. Tsarovy, fa ny zavatra rehetra Ataony eo amin’izao rehetra izao dia manodidina anao.

Araka ny nosoratako teo aloha, rehefa miteny Andriamanitra hoe ekena isika, dia tsy hoe leferina no Tiany holazaina. Tsy manelingelina Azy velively isika. Tsy mampahatezitra Azy na manelingelina Azy isika. Tsy maka be loatra ny fotoanany velively isika. Ny hany mahatezitra Azy dia rehefa miala lavitra loatra maharitra isika. Tsy manosika antsika ho ery an-joron-trano Izy ka miteny hoe: “Andraso. Mbola raikitra be Aho. Tsy manam-potoana ho anao aho.” Fa kosa, mandray antsika amim-pahadodonana sy amim-pitiavana Izy.

Misaotra Anao, Ray ô, fa Zanakao aho. Manambara aho fa amin’ny fanatonana an’i Jesosy Kristy, dia lasa mpikambana ao amin’ny fianakaviana tsara indrindra maneran-tany aho. Mandray ahy Andriamanitra, satria ao amin’ny fitiavana, no nanendren’ny Raiko ahy mialoha mba hatsangana ho Zanany lahy na ho Zanany vavy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-242-MLG

Nohavaozina farany: 15 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis